

# TAHIRY

SERASERAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

Numéro : 01



Novembre 2010

## Adidy mavesatra ny fitantanana ny volam-bahoaka...

Ny andraikitra sahanin'ny mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana dia mifototra indrindra amin'ny lafiny fikirakirana ny volam-bahoaka izay iankinan'ny fampandehanana ny raharaham-panjakana. Adidy mavesatra tokoa izany indrindra amin'ny vanim-potoana sarotra lalovan'ny firenena tahaka izao. Raha tara ohatra ny fandoavana ny vatsim-pianaran'ny mpianatra, ny fanampiana ara-bola ho an'ny vondrom-paritra, ny karama sy ny tambikaraman'ny mpiasam-panjakana, raha misy ny hosoka hatao mba ahazoana vola amin'ny fomba tsy ara-dalàna...dia ny Tahirim-bolam-panjakana no lasibatra ny tsikera sy eritreretina ho tompon'antoka voalohany. Lazaina amin'izany fa ny Tahirim-bolam-panjakana no tsy manao ny asany, tsy manam-bola intsony hanefana ireny fandaniana ireny, mila vaniny amin'ny fanaraha-maso ataony ka mampikatsy ny asam-panjakana... Izany angamba no tonga amin'ilay fitenenana hoe « *izay akaiky vilany feno arina* ».

Olanana iainana mandava-taona izany nefa tsy entina hitarainana na hampiraviravy tanana. Andraikitra efa noraisina io ka tsy maintsy tanterahina ha-

tramin'ny farany. Mandalo dingana maro ny antontan-taratasy anankiray vao tonga any amin'ny "Trésor" haloa raha toa ka mahafeno ny fepetra rehetra takian'ny didy aman-dalàna. Ka raha misy ny tsy fanaraham-penitra tsikaritry ny sampan-draharahan'ny Tahirim-bolam-panjakana mandritra ny fanaraha-maso ataony amin'ny vola miditra sy ny vola mivoaka dia zony ny mandà tsy hanatanteraka izany na iza olona, na inona baiko tsy manaraka ny voalazan'ny lalàna manan-kery. Ny tompon'andraikitra eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana mantsy mety misolo, fa ny "responsabilité personnelle et pécuniaire"-n'ny mpitana kaontim-panjakana kosa mitoetra eny foana.

Mahafinaritra ny mahita ny firaisankina, ao anatin'ny fahasamihafana, eo amin'ny mpiara-miasa ato amin'ny Tahirim-bolam-panjakana. Ny fahasahiranana atrehina eo amin'ny tontolon'ny asa (fahalaviran'ny toerampiasana, tsy fahampian'ny fitaovana sy ny olona) dia tsy natao ho vato misakana velively tsy ahafahana mampandeha ny asa aman-draharaha. Tontosan'ny Tahirim-bolam-panjakana an-tsakany sy an-davany hatrany ny andraikitra nankinina taminy.



Na dia nisy aza ny tsy fitoviam-pijery ny fizotry ny raharaham-pirenena eo amin'ny samy mpiara-miasa nandritra ny krizy dia nalalaka ny fanehoan-kevitra, nisy hatrany ny fifanakalozana sy ny fifampiresahana, voahaja ny rafitra antanan-tohatra ifampifehezana.

Eto am-pamaranana dia tsara ny mampahatsiahy fa adidy mavesatra sady saro-pady no nankinin'ny firenena sy ny mpiara-belona amintsika mpiara-miasa eto amin'ny Tahirim-bolam-panjakana amin'ny fitantanana ny volam-bahoaka. Aoka isika ho mendrika ny fahatokisana izay napetraka tamintsika tsirairay avy amin'izany sy hitandro mandrakariva ny maha-matianina antsika eo amin'ny asa.

▲ Tiana RAJAONARIVONY RAMANOEL

Directeur de la Comptabilité Publique

## SOMMAIRE

Ny Trésor sy ny tantarany	P.2
Le réseau comptable du Trésor	P.4
Equilibre de la trésorerie durant la crise : magie ou miracle ?	P.5
Mise en place des Trésoreries Ministérielles à l'horizon 2011	P.6
Hentitra ny famaizana ny fanodinkodinana volam-panjakana	P.7
Restaurer la confiance des partenaires à travers les mesures de sécurisation des CCAL	P.8
Perspectives de réformes pour 2011	P.9
TG Antsirabe : Tranainy ka mila fanavaozana ny trano	P.10
P.P. Ikalamavony : Mandroso ny asa fanitarana ny trano	P.12
Azo ny fahazoan-dalana hamefena ny Trésorerie Générale ao Ihosy	P.13
Vahinintsika : Razay James RENAUD PP ao lakora	P.14
Situation des relations avec les bailleurs de fonds	P.15
KITRA : Nihintsana teo amin'ny manasadalana ny ekipan'ny Trésor	P.15
Microfinance : Lancement officiel de la base de données	P.16

## Fianarantsoa : milamina ny fizarana « pension » Pejy 11



Ireo zokiolona mameny taratasin-jo

## Faites connaissance avec la DCP

Page 3



L'équipe de la Direction de la Comptabilité Publique

## TSIAHY

## Ny Trésor malagasy sy ny tantarany

## Fizarana 2

Nanomboka tamin'ny fotoanany ny fanjanahantany dia tsapa ny fahasorotan'ny asan'ny Trésor. Nisedra olana lehibe tokoa ireo mpiasa tamin'izany fotoana izany, indrindra ireo teratany frantsay voatendry niasa teto Madagasikara. Anisan'izany ny



Ny Trésorier Payeur Général sy ny vatabe fitahirizam-bola, taona 1955

tsy fisian'ny lalana. Vokatrizany dia filanjana no nitondrana ireo mpiasam-panjakana ambony niaraka tamin'ny Jeneraly Joseph Gallieni, Governora Jeneraly teto Madagasikara tamin'ny taona 1896. Araka ny tahirin-kevitra mirakitra ny tatitra nataon'izy ireo dia ny toetrandro mafana

sy mando ary ny aretina tazo no tena tsy zakany sy nanahirana azy ireo tamin'ny fanatanterahany ny asany, indrindra ireo niasa tany amorontsiraka. Nisy ireo matin'ny tazo. Betsaka ihany koa ny narary ka voatery nampodiana tany Frantsa noho ny tsy fahasalamana sy ny tsy fahazakana ny toe-tany.

Ny lalàna sy ny fomba fitantanambola frantsay no nampiharina teto Madagasikara. Didim-panjakana frantsay tamin'ny 30 Desambra 1912, izay nanan-kery nanomboka tamin'ny volana janoary 1913 no nitondra ny lalàna voalohany nifehy ny fitantanam-bolampanjakana: Ny fomba nentina nanatanterahana ny tetibola, ny andraikity ny mpitam-bolampanjakana, ny fitsarana ny kaontim-bolampanjakana.

Ny Trésorier Payeur Général no nitantana ny Trésor tamin'ny



Mpiasam-panjakana vazaha entina amin'ny filanjana, taona 1902

andron'ny fanjanahantany. Sampan'asa na "service" ny Trésor tamin'izany fotoana izany. Izy no mpikajy vola na "comptable" ambony indrindra mitana ny volan'ny firenena zanatany. Izy ihany koa no mpitam-bolampanjakana. Ao amin'ny tahirimbola andraiketany no mandrotsaka ny vola ireo mpiasa teo ambany fifehezany. Tafiditra ao anatin'izany

ny hetra sy ny haba rehetra ao amin'ny firenena zanatany. Ny Trésorier Payeur Général ihany koa no mandoa ny vola lany rehetra.

Ny fanapariahana ny Trésor nandritra ny fanjanahantany no hampahafantarina amin'ny Tahirin-laharana faharoa.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY,  
Sary : ANTA

*Service du Trésor. Le Trésor est dirigé par le Trésorier-payeur. Le Comptable supérieur est le gardien des fonds de la Colonie. C'est un véritable caissier, c'est dans sa caisse et dans la caisse des payeurs, ses subordonnés qui sont versés en dernier lieu les impôts perçus dans toute la Colonie. Le Trésorier payeur et les payeurs sont en outre chargés de payer les dépenses de la Colonie.*

Tahirin-kevitra mirakitra ny asan'ny Trésor, taona 1946

## ACTUALITÉS

## Olana mikasika ny "agents détachés"

Maro tokoa ireo « agents détachés » avy any amin'ny Kaominina sy ny sampandraharaha hafa manatevin-daharana ny mpiasa eny anivon'ny biraon'ny Tahirimbolampanjakana manerana ny Nosy. Olana voaresaka matetika tato ho ato ny fangatahan'izy ireo ho raisina ho isan'ny mpiasan'ny Tahirimbolampanjakana. Voarain'ny mpitantana sy ny tompon'andraikitra tokoa ireo hetahetan'ny mpiara-miasa ireo, fa saingy hatramin'izao aloha dia tsy afa-manoatra eo

amin'ny tsy fahampian'ny toerana voafaritra ao amin'ny Teti-bola "poste budgétaire" ny Tahirimbolampanjakana. Anisan'ny fepetra mamaritra ny fandraisana olona ihany koa mantsy ny fananany fahaizana manokana na toetoetra mifanaraka amin'ny fepetra takian'ny andraikitra hosahaniny, toy ny "garde caisse", "ingénieur informaticien" sns ... Misy tamin'ireo "agents détachés" namaly ny tolotr'asa no nahafeno ny fepetra notakiana ka voaray ho mpiasan'ny Tahirimbolampanjakana.

Hatramin'izao anefa dia mbola miaina ao anatin'ny tsy fahampian'olona tanteraka ny Tahirimbolampanjakana. Voafetra ihany koa isan-taona ny toerana azon'ny Tahirimbolampanjakana andraisana mpiasa. Raha tsiahivina anefa dia manodidina ny 140 isa eo ho eo ny "agents détachés" manerana ny Nosy.

Araka ireo toe-javatra ireo, na dia voaray ho isan'ny mpiasan'ny Tahirimbolampanjakana avokoa ary ireo "agents détachés" ireo dia

mbola tsy ho voavaha hatrany ny olana satria tsy hiova ny isan'ny olona miasa eo am-pelatanana noho izy ireo, tsy mpiasa vaovao akory fa efa teo hatramin'izay daholo ihany.

Na izany aza anefa dia miezaka hatrany ny mpitantana mba hitazonana ny tombotsoran'izy ireo mandram-pahita ny vahaolana maharitra mikasika izany.

▲ Rakotobe BEZARA

## GÉNÉRALITÉS

# Faites connaissance avec la Direction de la Comptabilité Publique

## HISTORIQUE

La Direction de la Comptabilité Publique, communément appelée DCP, est une des cinq directions centrales composant la Direction Générale du Trésor (cf. Organigramme de la DGT – N°00 du Bulletin d'Information « Tahiry » - p.3).

Dès 1963, la structure chargée de la comptabilité publique a toujours été l'ossature fondamentale de l'organigramme fonctionnel du Trésor malgache. Avant l'institution de la Direction Générale du Trésor, le département du Trésor Public fut même appelé « Direction du Trésor et de la Comptabilité Publique ». Cette structure fut érigée en Direction en 1993 alors qu'elle n'était qu'un simple Service au tout début.

nom l'indique, porte sur l'aspect réglementation : élaboration de projets de texte sur les finances publiques et sur la comptabilité publique, réforme et mise à jour du cadre juridique existant, formulation d'observations sur les projets de texte à incidence financière. En se référant au Décret n° 2007-185 du 27 Février 2007, il est stipulé à cet effet à l'article 33 que la Direction Générale du Trésor est chargée d'élaborer et de mettre en place la réglementation en matière de comptabilité publique.

La fonction administrative se rapporte à la gestion des affaires administratives, le suivi, l'évaluation ainsi que la coordination des appuis au réseau comptable en termes de moyens (humains, financiers, logistique, communication).



Les employés de la Direction de la Comptabilité Publique

garde et la conservation des fonds et valeurs, et (iv) la tenue de la comptabilité des organismes publics dont il a la charge.

La Cellule Informatique du Trésor assure au sein de la Direction de la Comptabilité Publique une fonction transversale dans la mesure où elle intervient notamment dans la définition de la stratégie d'informatisation, de la politique de maintenance et de sécurité, l'assistance technique du réseau comptable ainsi que la mise en place et la gestion d'une base de données centralisée.

## OBJECTIFS

La mise en œuvre des réformes financières et comptables, à travers l'adoption notamment de la Loi Organique sur la Loi des Finances (LOLF) et le Plan Comptable des Opérations Publiques (PCOP), a amené la DCP à réorienter ses objectifs autour de deux axes principaux : (i) la réalisation des

activités de reporting périodique pour faciliter les prises de décisions, et (ii) la mise en place d'un standard de service à l'endroit des usagers.

À cela s'ajoute la sécurisation des fonds publics laquelle s'inscrit parmi les priorités de la Direction Générale du Trésor.

## PLAN D' ACTIONS

Eu égard aux objectifs généraux énoncés plus haut, les actions à entreprendre en 2011 porteront essentiellement sur le renforcement de la sécurisation des fonds publics, la fiabilité, l'exhaustivité et la régularité des comptes, d'une part, et l'amélioration du service du Trésor et des relations professionnelles, d'autre part. Pour la DCP, l'année 2011 s'annonce une année de réformes tant au niveau de la direction elle-même qu'au niveau du réseau comptable.

▲ Tiana RAJAONARIVONY  
RAMANOEL



Le Directeur de la Comptabilité Publique avec ses collaborateurs

## LES GRANDES FONCTIONS DE LA DCP

D'une manière brève, la Direction de la Comptabilité Publique exerce trois grandes fonctions : une fonction administrative, une fonction normative et la dernière mais non des moindres une fonction comptable.

Si les fonctions normative et administrative sont assurées par les services centraux de la DCP, la fonction comptable, en revanche, incombe principalement à ses services excentriques.

La fonction normative, comme son

La traduction budgétaire des activités programmées aussi bien au niveau central qu'excentrique rentre également dans cette fonction.

La fonction comptable est exercée principalement par les services excentriques de la DCP, formant le réseau comptable du Trésor, lequel fait l'objet d'un suivi et d'un encadrement au niveau central.

D'une manière générale, le réseau comptable du Trésor a pour principales attributions : (i) le paiement des dépenses des organismes publics, (ii) le recouvrement et/ou la centralisation des recettes publiques, (iii) la

### Effectif du personnel rattaché à la DCP : 1 136 agents dont :

- 118 agents affectés dans les Services centraux ; et
- 1 018 agents au niveau du réseau comptable.

**Nombre moyen de correspondances annuelles traitées à la DCP : 10 604 courriers dont :** 1 235 courriers « Départ » et 9 369 courriers « Arrivée »

### Contact de la Direction de la Comptabilité Publique

Adresse :


Ministère des Finances et du Budget – 3ème étage – Porte 317

E-mail : [tresorcp@moov.mg](mailto:tresorcp@moov.mg)

Tél : (261) 20 22 215 10 / (261) 20 22 329 77

**GÉNÉRALITÉS**

**Le réseau comptable du Trésor au niveau national...**



## CHRONIQUE

## Equilibre de la trésorerie durant la crise : magie ou miracle ?



Les textes en vigueur attribuent à la DGT la responsabilité de veiller en permanence à l'équilibre de la trésorerie de l'Etat. Cette responsabilité, déjà lourde en temps normal, l'est encore davantage en cette période de crise. Qui, en effet, n'avait pas craint une éventuelle cessation de paiement du Trésor public pendant les premiers jours et les premiers mois de la crise ? Les fonctionnaires se sont souciés de leur salaire, et les retraités de leur pension. Les entreprises n'osaient pas participer aux appels d'offres des organismes publics tandis que les gros investisseurs miniers tout comme les sociétés exportatrices craignaient pour le remboursement de leur TVA.

Toutes ces appréhensions étaient logiques. Le pays est entré en crise alors que les aides budgétaires, auxquelles les partenaires financiers l'ont habitué, ont été suspendues depuis la fin de l'année 2008. Sachant que ces aides budgétaires se chiffraient à 162 millions USD en 2008 et auraient dû s'élever à 161 millions USD en 2009, les soucis étaient d'autant plus grands que tout le monde comprend que crise socio-politique, nous en avons tellement connu pour le savoir, rime inévitablement avec baisse des activités, baisse des revenus et baisse des recettes propres.

### 1460.1 MILLIARDS MGA DE MANQUE À GAGNER

Le Trésor public a calculé à 980.1 milliards MGA son manque à gagner au titre de l'Exercice 2009, et à 480 milliards MGA celui

au titre du 1er semestre 2010, aides budgétaires et ressources propres confondues par rapport aux prévisions budgétaires. Les recettes propres qui constituent nos seules ressources sont calculées en moyenne entre 150 et 160 milliards MGA par mois pendant la crise alors que les dépenses mensuelles fermes s'élèvent à 180 milliards MGA, voire plus de 200 milliards MGA pour certains mois.

La situation était telle que même nous au Trésor étions pris de panique et de découragement pendant certains moments où les pressions de ce déséquilibre de la trésorerie et les tensions qui l'entourent étaient trop fortes, et elles ont été souvent trop fortes. Comment, en effet en tant qu'êtres humains, ne pas avoir de soucis devant le contexte qui a prévalu ? Combien de fois, par exemple, n'a-t-on noté qu'au lieu de se présenter comme une solution, le marché des BTA est devenu un problème supplémentaire en contraignant le Trésor à renflouer un gap à l'issue des adjudications ? Les encours et les taux doivent être maîtrisés et stabilisés en permanence. Les dépenses obligatoires telles que salaires et pensions qui requièrent 60 à 70 milliards MGA doivent impérativement être payées quoiqu'il arrive tous les 18 et les 20 de chaque mois. Le paiement du service de la dette extérieure vis-à-vis de tous les bailleurs de fonds sans distinction doit être assuré à bonne date afin de prévenir des pénalités de retard et de préserver l'image du pays. Le financement des services publics dont les usagers ont besoin quotidiennement doit être garanti tandis que les investissements qui sont censés garantir la survie de la population et de l'économie doivent être couverts en permanence, tout comme les remboursements des TVA des investisseurs miniers, des compagnies pétrolières et des Sociétés

exportatrices pour lesquels le Trésor doit réserver chaque mois au moins 30 milliards MGA.

### BEAUCOUP DE PRESSIONS SUBIES

Toutes ces contraintes financières sont encore saines et les cadres du Trésor sont formés pour faire face à de telles situations. Ce sont notamment d'autres pressions externes qui ont rendu leur mission plus difficile et eux-mêmes plus vulnérables. Certains départements ministériels n'ont pas voulu appliquer la politique d'austérité dictée pourtant par la situation. D'autres ont cherché à continuer les mauvaises pratiques ayant miné les finances publiques nationales depuis longtemps telles que les procédures dérogatoires d'exécution des dépenses publiques qui ne respectent pas l'orthodoxie financière et dont les risques sont très élevés. Par ailleurs, les tentatives de soustraction frauduleuse de fonds publics par des personnes malintentionnées sont devenues courantes sur tout le territoire parallèlement à la recrudescence des faux et usage de faux qui caractérise les périodes d'instabilité politique. Enfin, comme les malheurs ne viennent jamais seuls, beaucoup de corps de l'administration publique ont choisi cette période de crise pour réclamer des avantages financiers supplémentaires. Comme si les efforts fournis par le Trésor pour assurer le règlement des droits acquis en période normale, malgré toutes les difficultés présentement exposées, ne suffisent pas.

### EQUILIBRE DE LA TRÉSORERIE MAINTENU MALGRÉ TOUT

Mais 20 mois se sont écoulés depuis le début de la crise et l'équilibre de la trésorerie se trouve encore plus ou moins maîtrisé. Mieux encore, le Trésor est arrivé à maîtriser ses instruments

de financement de manière à en limiter les effets inflationnistes. Jusqu'ici, il n'a eu recours à aucun financement monétaire ni à aucun financement parallèle comme a pu soupçonner une partie de la Société civile. Les taux moyens pondérés des BTA sont stabilisés autour du taux directeur. La variation de l'encours des BTA est restée normale et toutes les échéances du service de la dette extérieure (70.85 millions USD de Mars 2009 à Octobre 2010) ont été honorées à bonnes dates, tout comme les engagements internes du Trésor vis-à-vis des créanciers de l'administration. Sur ce dernier point, les délais de paiement ont été même raccourcis par rapport aux années précédentes.

### FRUITS D'UN TRAVAIL ACHARNÉ

Ces résultats notables ne relèvent ni de la magie, ni d'un quelconque miracle, mais sont les fruits d'un travail acharné conjugué avec des facteurs qui méritent d'être particulièrement mentionnés : d'abord, le dynamisme, la compétence et le professionnalisme de l'équipe du Trésor, consciente de sa mission de service public ; ensuite, la collaboration et le partenariat avec d'autres départements au sein du Ministère des Finances et du Budget, le BIANCO et le SAMIFIN ; et enfin, la prise des mesures nécessaires contre les abus et dérapages afin de concentrer les efforts sur les dépenses à impacts directs sur la population.

Néanmoins, le Trésor ne peut pas garantir que cet équilibre de la trésorerie pourra être indéfiniment maintenu, si aucune amélioration n'est apportée à la situation que vit le pays. Aussi, voudra-t-il appeler de tous ses vœux que la crise prenne fin le plus tôt possible, et que la bonne gouvernance devienne pour de bon une culture.

▲ Orlando Rivomanantsoa  
ROBIMANANA

ACTUALITÉS

# Mise en place des Trésoreries Ministérielles à l'horizon 2011

Le Trésor Public prévoit dans son Programme de Travail Annuel (PTA) de l'année 2011 la mise en place des services du Trésor au sein des divers Ministères et Institutions. Ce n'est pas à proprement parler une initiative nouvelle de réorganisation dans la mesure où le Ministère des Affaires Etrangères dispose déjà d'un poste comptable du Trésor implanté en son sein : l'Agence Comptable Centrale des Postes Diplomatiques et Consulaires (ACCPDC).

En la situation actuelle, l'instauration de ces services spécialisés est dictée par plusieurs motifs : (i) l'objectif de rapprocher les caisses publiques des usagers ; (ii) la nécessité de « désengorger » la Paierie Générale d'Antananarivo (PGA) compte tenu du fait que près de 80% du volume des dépenses du Budget Général de l'Etat sont assignés à son niveau ; (iii) la volonté de pérenniser les mesures de facilitation du traitement des dossiers de dépenses. En effet, tous les intervenants dans la chaîne de la dépense (Contrôle Financier, Ordonnateur, comptable) seront localisés sur un même site.

Il va sans dire que ce projet de re-déploiement apportera de nombreux avantages aux départements ministériels bénéficiaires.

En premier lieu, les fréquents déplacements au Trésor Public pour la remise, le suivi et la délivrance des dossiers seront considérablement limités dans

l'espace, entraînant un gain de temps conséquent, un minimum de risque de déperdition des documents et une économie de coûts.

En second lieu, les paiements de dépenses des Ministères (soldes, fournitures et autres prestations) ainsi que les recouvrements des recettes pourront être, désormais, effectués sur place. Les longues files d'attente observées à la Paierie Générale d'Antananarivo lors des grandes échéances de paiement des soldes des fonctionnaires seront réduites, voire supprimées.

En troisième lieu, les délais de visa et de paiement des dossiers de mandatement seront améliorés étant donné que les Trésoreries Ministérielles ne traiteront que les seules opérations des ministères de leur lieu d'implantation.

Néanmoins, la réorganisation comptable à mettre en œuvre requiert un certain nombre de préalables et de mesures d'accompagnement. Ainsi, il importe avant tout que les ministères et institutions adhèrent à la démarche initiée par le Trésor Public et partagent le même objectif que ce dernier tendant à l'amélioration de la qualité des prestations rendues aux usagers.

Dans cette perspective, la contribution attendue des différents départements ministériels est de plusieurs ordres : (i) la mise à disposition de locaux répondant aux besoins du Trésor Public en termes





De longues files d'attente à l'intérieur de la PGA

de sécurité et de fonctionnalité et (ii) l'octroi de matériels et de mobiliers de bureau nécessaires au fonctionnement des Trésoreries Ministérielles.

Il demeure entendu que les agents affectés à ces nouveaux postes comptables, les matériels techniques spécialisés (coffre-forts, cachets perforateurs ...) de même que les crédits de fonctionnement et d'investissement desdits postes comptables relèvent de la Direction Générale du Trésor.

D'ores et déjà, les responsables au sein des Ministères et Institutions sont sensibilisés quant à la tenue prochaine de réunions de travail avec les cadres de la Direction Générale du Trésor en vue de discussions approfondies sur le sujet.

▲ Tiana RAJAONARIVONY RAMANOEL



ACTUALITÉS

# Hentitra ny famaizana ny fanodinkodinana volam-panjakana

**H**entitra ny fikarohana sy ny famaizana ny fanodinkodinana ny volam-panjakana.

Sazy henjana tokoa no voaton-dron'ny didy aman-dalàna ho famaizana ny olona voamarina fa tompon'andraikitra amin'ny fanodinkodinana volam-panjakana. Volam-bahoaka mantsy ireny, satria ny hetra samihafa naloan'ny vahoaka no niaviany, na koa miantoka ny famerenana ny trosam-panjakana. Noho izany dia tsy maintsy ho amin'ny tombontsoam-bahoaka irery ihany no antony neken'ny didy aman-dalàna ho azo ampiasana azy. Lazain'ny didy aman-dalàna fa fanodinkodinana volam-panjakana ny fampiasana azy ivelan'ny tombontsoam-bahoaka efa voafaritry mia-loha.

Fanodinkodinam-bola ohatra, ny fandoavana vola any amin'olona izay efa tsy manan-jo amin'izany intsony, toy ny zokiolona efa maty kanefa dia mbola hita amin'ny taratasin-jo (titre de pension) voalao ny soniany. Raha ny tokony ho izy dia ny sonian'ny mpandova azy, voamarin-jo anefa no tokony ho hita eo. Toy izany koa ny vola nalao fanindroany tamin'ny taratasin-jo tokana ihany (nalao indray mandeha ihany no aradalàna amin'ity tranga ity), sns. Tsy ara-dalàna ihany koa ny vola nalao tamin'olona izay tsy nanan-jo velively akory tamin'izany,

toy izany ohatra ny mpiantok'asa (fournisseur, prestataire, entrepreneur) izay tsy voamarina akory ny fahavitan' ny asa, ny taratasin-jo hosoka, ny olona mampiasa taratasin-jon'olon-kafa, ny mpiasa misintona (maka) vola mivantana fotsiny ao amin'ny sompi-by fihazirizam-bola (coffre), ny olona nampiasa hosoka amin'ny taratasy fanamarinan-jo (pièces justificatives).

Tsy ny fandaniam-bolam-panjakana ihany akory no mety ahitana fanodinkodinana. Tranga mety ho hita izany amin'ny fampidiram-bola. Endrika hafa isehoan'ny fanodinkodinam-bola ny tsy fandrotsahana ao amin'ny Tahirim-bolam-panjakana, ny vola izay tena voarain'ireo mpandray vola (régisseurs de recettes) samihafa. Naloan'ny vahoaka ho an'ny fanjakana ireo vola tsy voarotsaka ireo. Tsy azo nampiasaina tamin'ny tombontsoan'izy ireo anefa izany satria efa lany nampiasaina tamin'ny tombontsoan'ny mpanodinkodim-bola.

Ny fiambenana mitohy sy ny fitsirihana any ifotony no nahafahan'ny Tahirim-bolam-panjakana nampivoitra sy nanasokajy ireo fomba isehoan'ny fanodinkodinam-bolam-panjakana. Tranga mety hiseho koa ny fanafihana isan-karazany na ny asan-jiolahy hafa izay nahavery ny volam-panjakana. Tsara ho fantatra fa misy ny foiben-draharaha iray misahana



Ireo mpiasan'ny foibe manokana mpanara-maso ny fanodinkodinam-bolam-panjakana (Vaky kodiarana tany am-pamitana iraka)

manokana ny asa fanaraha-maso mitohy sy fitsirihana ifotony ny fanodinkodinam-bola ao amin'ny Tahirim-bolam-panjakana.

Hita fa miezaka tokoa io foibe manokana io mampiasa ny olona sy ny fitaovana eo am-pelatanany amin'ny fikarohana ny fanodinkodinana. Mitohy amin'ny famaizana na fampamaizana ny olona tompon'andraikitra na manana andraikitra amin'izany (auteurs ou complices) ny asan'io foibe io.

Ny karazan-tsazy efa voafaritry ny didy aman-dalàna ihany no azo raisina eto, ka tsy maintsy ampiharina : Manomboka amin' ny fanesorana eo no ho eo tamin'ny andraikitra, ny fangatahana fampiatoana ny fandoavana ny karama. Misy ihany koa ny tatitra fohy maika ho an'ny Mpitondra Ambo-ny (Filohampirenena, Praisinistra,

ireo Minisitry misahana ny Vola sy Teti-bola, ny Asam-panjakana, ny Fitsarana, Minisitry mifehy ilay na ireo mpiasa, sns). Mety mifara amin'ny fitoriana amin'ny Fitsarana mahefa, ny fampiakarana any amin'ny « Conseil de Discipline ». Mety hisy ihany koa ny fangatahana fanagejana kaontim-bola sy fahazoana mivaro-pananana (tany, trano, fiara), ny fangatahana didim-pitondrana fampamerenam-bola. Tsy misy antra na fije-rena tavan'olona ny fampiharana ny sazy ary sazy mitovy no ampiharina amin'ny tranga mitovy, satria ny hita voalohany dia ny fanodinkodinam-bolam-panjakana, avy eo vao ny olona tsy maintsy hosaziana.

▲ **Damascène RABEOAVY**  
Landy **ANDRIAMIALIZAFY**

## ISAN'NY TRANGA FANODINKODINAM-BOLA (Taona 2009 miampy enim-bolana voalohany taona 2010)

- ☑ Tranga fanodinkodinam-bola tratra : ..... 18
- ☑ Tranga famerenam-bola manontolo : ..... 8
- ☑ Tranga famerenana ampaham-bola : ..... 1
- ☑ Isan'ny olona voarohirohy sy nenjehina ( Fitsarana, CODIS, Débet) : ..... 28

## ACTUALITÉS

# Restaurer la confiance des partenaires à travers les mesures de sécurisation des CCAL

Force est de constater que durant les périodes d'instabilité politique vécues par le pays, des personnes malintentionnées profitent d'un certain « flottement », d'un relâchement de la vigilance au sein de l'Administration pour tenter d'obtenir irrégulièrement de l'argent au détriment des contribuables.

Si les surfacturations, les facturations sans service fait sont légions à toutes les époques, surtout à l'approche de la période de clôture budgétaire, les tentatives de faux et d'usage de faux bons de caisse, fréquents durant les crises de 1991 et 2002, tendent en revanche à diminuer eu égard aux mesures drastiques prises par le Trésor Public.

Actuellement, la malveillance de certains individus, formant dans certaines régions un réseau de trafiquants bien organisés, porte sur l'utilisation de faux chèques carburant et lubrifiants, appelés couramment CCAL. Dans un premier temps, si les faux CCAL ont pu être facilement identifiés de par la mauvaise qualité des impressions, le recours par les contrefacteurs à des matériels d'impression de plus en plus performant (scanner, papier, encre...) accroît les difficultés d'identification des faux.

Compte tenu de cette situation et afin de redonner confiance aux partenaires du Trésor Public (Sociétés de distribution pétrolière, gérants de station service), un certain nombre de mesures liées à la célérité et à la sécurité des transactions a été pris par l'Administration : émission de nouveaux CCAL comportant de nouveaux clés de sécurité, dépôt de plainte auprès des autorités compétentes, prescriptions de nouvelles modalités de délivrance des CCAL aux dépositaires-comptables des organismes publics (Ministères, Institutions, Collectivités publiques...), suivi rap-



Vérification des CCAL

proché des paiements effectués au profit des compagnies pétrolières...

A court terme, le Trésor Public envisage la mise en circulation d'une part, d'une nouvelle formule de CCAL de plus en plus sécurisée et d'autre part, d'un autre support d'échange utilisable dans un premier temps par un ou des Ministères pilotes.

Dans tous les cas, les utilisateurs de CCAL au niveau de tous les services administratifs sont sensibilisés sur les points ci-après. Primo, les utilisateurs des CCAL doivent être uniquement les agents des services publics utilisant des véhicules administratifs pour les besoins de leurs déplacements. Secundo, au moment de la remise entre leurs mains des CCAL, les utilisateurs doivent au préalable vérifier que les CCAL sont régulièrement revêtus du cachet « vu bon à payer » du Trésor Public émetteur, des cachets et signature du dépositaire-comptable du service public concerné.

Lors de la présentation des CCAL auprès d'une station service, les mentions ci-après doivent être obligatoirement remplies par l'utilisateur au verso du chèque : numéro d'immatriculation du véhicule bénéficiaire de la livraison de carburant, numéro et date de délivrance de la pièce d'identité de l'utilisateur (permis de conduire ou carte d'identité nationale).

Les gérants et responsables des stations service sont en droit d'une part, de refuser les CCAL non revêtus des cachets et signatures requis ou dont les mentions obligatoires ne sont pas remplies par l'utilisateur, et d'autre part, d'exiger la présentation de la pièce d'identité référencée par l'utilisateur au verso du chèque.

Un lecteur averti en vaut deux.

▲ Tiana RAJAONARIVONY RAMANOEL

## Qu'est-ce qu'un CCAL ?

- C'est un moyen d'échange mis à la disposition des utilisateurs de véhicules administratifs pour acquérir des carburant et lubrifiants auprès des stations service.
- Il a été institué par le Décret N° 88-137 du 30 Mars 1988.
- Les valeurs faciales des CCAL dernièrement mis en circulation en 2009 sont de 25 000 Ariary et 40 000 Ariary.
- Les CCAL ne peuvent être échangés en numéraires ni utilisés à des fins autres que l'acquisition de carburant et lubrifiants.
- Les agents ayant qualité pour garder et conserver par devers eux les CCAL des services administratifs sont les dépositaires-comptables régulièrement nommés à cet effet.




ACTUALITÉS

# CCAL : Restaurer la confiance des partenaires (suite)

## Montant global des chèques carburant et lubrifiant alloués à tous les ministères (en Ariary)

EXERCICE	2008	2009	2010
MONTANT	25 903 000 000	35 190 000 000	35 709 000 000

### Répartition par ministère et/ou institution (en milliers d'Ariary)



## Perspectives de réformes pour 2011

Le plan de travail annuel 2011 de la Direction Générale du Trésor vient d'être finalisé. Sa conception a suivi les étapes suivantes : l'actualisation des principaux objectifs et de leurs indicateurs spécifiques, la détermination des activités y afférentes, l'estimation des besoins, l'arbitrage budgétaire et la re-priorisation des activités. Une logique de dialogue s'est installée entre la Direction Générale et toutes les Directions ainsi que les Services rattachés durant toutes ces étapes.

Regroupant une trentaine d'indicateurs de performance, de fortes ambitions y sont marquées afin notamment : (i) d'améliorer la qualité des comptes publics par l'uniformisation de traitement des opérations comptables ; (ii) d'accélérer les délais de prestations vis-à-vis des usagers par la mise en place des Trésoreries ministérielles pour les grandes fonctions ; (iii) de pro-

mouvoir les Bons de Trésor par Adjudication (BTA) auprès du système non bancaire, ce qui contribuera à la stabilité de ses taux d'intérêt, par l'opérationnalisation des Agences Marketing ; (iv) d'inculquer progressivement l'esprit de pérennisation et d'autonomisation du secteur Microfinance vis-à-vis de l'Etat et enfin, (v) de redynamiser le rôle du Trésor dans la régulation du secteur des Assurances et celle des opérations de Change.

Il est à noter que les formations du personnel qui devraient être au cœur de la conduite du changement sont en général reportées compte tenu de la politique d'austérité. Toutefois, ce dynamisme du Trésor public s'accompagne d'une modernisation de ses propres outils, entre autres, ceux de la gestion et de l'analyse de la dette, du système de centralisation des transferts en matière d'opérations comptables, du traitement des



La Paierie Générale d'Antananarivo

données et de la gestion de carrière du personnel ainsi que de la gestion des carburants et lubrifiants.

Une évolution majeure dans la gestion financière mérite également d'être soulignée. Les besoins des Perceptions Principales seront dorénavant considérés à la base dans

l'esprit de rationalité et d'effectivité de leurs allocations budgétaires vis-à-vis des Trésoreries Générales et Principales. Ils gèreront eux-mêmes les parts de crédit qui leur seront respectivement notifiés.

▲ Naomi RAVONIRINA  
Zoely RAKOTONINDRAINY

## AKON'NY FITSIDIHAM-PARITRA

Ny Trésorerie Générale Antsirabe no nisantaran'ny delegasiona avy amin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana ny fitsidihany ny faritra Atsimo ny volana Oktobra teo. Nitohy tao amin'ny Trésorerie Générale Ambositra, Fianarantsoa, Ihosy ary Toliara ny dia. Isaky ny toerana nolalovana dia samy notolorana fitaovam-piasana avy ireo TG sy ireo Perceptions Principales miankina aminy, araka ny filan'ny tsirairay avy. Anisan'izany ny solosaina miaraka amin'ny kojakoja, milina fanoratana, milina fikajiana vola, armoire, latabatra... Mialohan'ny nirosoana tamin'ny dinidinika malalaka, tao anatin'ny fotoana tsy voafetra, nifanaovan'ny delegasiona tamin'ny mpiasa tsy misy an-kanavaka, dia nisy hatrany ny fitsidihana ny fotodrafitrasa (birao, toerana fidiovana sy fivoahana, ireo fanavaozana vita...). Olana maro no voavaha, soso-kevitra maro no natolotra hany ka samy nahazo ny tandrify azy avy ny tsirairay.

## Trésorerie Générale Antsirabe: Tranainy ka mila fanavaozana ny trano

Ny fahanterana, ny fahasimbana ary ny fahateren'ny trano misy ny Trésorerie Générale ao Antsirabe. Ireo no anisan'ny zavatra tsikaritry ny iraka manokana avy amin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana tany an-toerana. Efa tany amin'ny vanim-potoan'ny Fanjarahantany no niorina ity tranon'ny Trésorerie Générale ity. Fanatsarana sy fikojakojana madinidinika ihany no vita hatramin'izay hany ka maromaro ihany ireo zavatra simba sy mila fanavaozana. Anisan'izany ny tafo, ny hidim-baravarana, ny loko, ny trano fivoahana. Efa tafiditra tao anatin'ny tetikasa taona 2005 ny fanampiana rihana iray ity Trésorerie Générale ity kanefa dia

tsy tanteraka hatreto, hoy ny Trésorier Général, I Jean Nomery Victor.

Tery loatra ny birao hiasana, araka ny fitarainan'ny mpiasa ka voatery mihafihafy ireo mpiasa miisa 27. Voatery mpiasa efatra no miaraka anaty birao iray. Tsy nitazam-potsiny ity olana ity ny delegasiona avy aty Antananarivo fa dia nanoso-kevitra avy hatrany. Tsara raha trano vaovao no hanaovana fanitarana eo amin'ny tokontany malalak'ity Trésorerie Générale ity. Efitra iray lehibe "open space" no tokony hatao. Ho jerena amin'ny taona ho avy ny fanatanterahana izany.

Ny fahaizana nitsinjara ny teti-bolan'ny Foibem-pitantanan'ny Tahirim-bolam-panjakana miampy



Ny biraon'ny Trésorerie Générale ao Antsirabe

ny ezaky ny "Directions" isanisy no nahafahana nampitombo ny volan'ny Trésorerie Générale manerana ny Nosy sy ny an'ireo Percepteurs Principaux miankina

amin'ny, ka nahazoana manao ezaka toy izao, hoy ny tale jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana.

▲ Yves RAKOTO

## Faritra amoron'i Mania: Tsy mandry fahalemana

Ny tsy fandriampahalemana no tena olana lehibe indrindra ao amin'ny faritra Amoron'i Mania. Noho izany dia misedra fahasahiranana ny Trésorerie Générale ao Ambositra sy ireo Perception Principale miankina aminy. Araka ny fanampian'Atoa ANDRIANARIVO Haingotiana, Trésorier Général ao Ambositra dia sarotra dia sarotra tokoa ny asan'izy ireo amin'ny fitaterana ny volam-panjakana mankany amin'ireo Perceptions Principales any Manandriana sy Ambatofinandrahana. Na dia misy

aza ny fiaraha-miasa amin'ny mpiantandro ny filaminana dia tsapa fa tsy ampy izany ka tsy maintsy hamaifisina.

Noho ny tsy fahampian'ny mpiasa dia voatery manampy ny "comptable" amin'ny asany ny "garde caisse". Tsy ampy ny taratasy "imprimés" ilaina amin'ny asa andavanandro ka mahatonga fahasahiranana ho an'ny mpiasa ao Fandriana. Raha ny ao Ambatofinandrahana indray dia tsy manara-penitra ny varavarankely, noho izany ny fanamafisana ny trano amin'ny fametra-

hana varavaran-kazo.

Manoloana izany olana rehetra izany dia misy ireo fepetra noraisin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana. Asaina mandry andraikitra ireo Perceptions Principales ka izy ireo no mitantana avy hatrany ny vola natokana ho azy ireo. Na dia eo aza ny fanitsiana ny tetibola sy ny fampiharana ny politikan'ny fitsitsiana dia tsy hihena ny vola natokana ho azy ireo. Ho an'ireo Perceptions Principales mila fanamboarana maika toy ny any Ambatofinandrahana dia asaina

manao vinavinan'asa izy ireo mba hahafantarana raha azo tantarahina avy hatrany ny fanamafisana ny trano.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY

Anisan'ny miroborobo tokoa ny lafiny sôsialy ao amin'ny Trésorerie Générale ao Ambositra. Manao fanamiana mitovy ny fikambanan'ny vehivavy mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana rehefa andron'ny vehivavy 8 Marsa na rehefa mandry vahiny manan-kaja. Misy ny firaisan-kinan'ny mpiasa ary misy fiantrikany tsara eo amin'ny fanatanterahana ny asan'ny tahirim-bolam-panjakana izany.



Ny tananan'Ambositra, faritra Amoron'i Mania



AKON'NY FITSIDIHAM-PARITRA

TG Fianarantsoa: Milamina tsara ny fizarana vola fisotroan-dronono

A nisan'ireo milamina indrindra eto Madagasikara ny fizarana vola fisotroan-dronono ao amin'ny Trésorerie Générale Fianarantsoa. Tsara halain-tahaka ny fandaminana satria tena matotra sy mirindra. Saika ny mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana rehetra no miara-mientana mandritra ny fotoana fandoavana ny vola fisotroan-dronono mba hanomezana fahafaham-po ireo zokiolona.

ry, ny mpiasan'ny lalamby, ny mpiasam-panjakana feno sy ireo vady navelany, ireo raiamandreny 70 taona na mihoatra, sy ny hafa rehetra. Arak'izany sokajy izany dia izarana "jeton" misy ny laharana tokony hisy azy avy ireo olon-dehibe ireo. Marihina fa izay mitondra "carte de pensionné" sy karapanondro ihany no mahazo "jeton", mba hialàna amin'ny fanambakana sy ny hafetsena ary ny kolikoly.



sy mizara ny "titre de pension", ary iray mameno ny taratasim-bola raha sendra misy amin'ireo zokiolona no tsy afa-manao izany noho ny fahanterany na koa ny tsy fahasalamany.

tanteraka manodidina ny biraon'ny Trésor.

Mba ho fiarovana ny zokiolona sy ireo mpanjifa hafa amin'ny hafanana sy ny orana dia nanangàna trano heva koa eo an-tokontanin'ny Trésor. Misy ny seza sy ny lababatra eo amin'io toerana io ka afaka ma-

Ny harivan'ny andro voalohan'ny fizarana ny vola fisotroan-dronono dia efa misasaka ny isan'ireo mpanjifa "pension" ao amin'ny Trésorerie Générale Fianarantsoa. Telo andro aty aoriana kosa dia ireo zokiolona avy any ambanivohitra sy ireo izay matahotra ny filaharam-be sisa no tonga ao amin'ny Trésor. Araka ny fanambaran'ny tompon'andraikitra

Mihoatra ny 4.300 ny isan'ny zokiolona mandray vola fisotroan-dronono ao Fianarantsoa sy ny manodidina. Manoloana izany dia tsy maintsy narindra sy nalamina ny fomba fiasa, indrindra taorian'ny nanokanana efitra nohatsaraina izarana "pension". Nanomboka ny volana Aprily 2010 ary no nametrahana ny fandaminana vaovao amin'ny fizarana ny vola fisotroan-drononon'ny Trésorerie Générale Fianarantsoa ity, hoy ny tompon'an-

Samy mitàna ny laharany avy rehefa miditra ny vavahady ka voafetra ho olona enina (iray isaky ny sokajim-pilaha-rana) no miara-miditra. Na izany aza anefa dia omena laharana manokana sy avela miditra avy hatrany ireo zokiolona mihoatra ny 80 taona sy ireo tsy salama ka mitondra taratasy fanamarinana avy any amin'ny dokotera.

Misy mpirotsaka an-tsitrao izay miisa 15 eo ho eo no manampy ny mpiasan'ny Trésor mandritra ny



meno ny taratasy fandraisam-bolany eo ry zareo.

ihany dia eo amin'ny 20 ka hatramin'ny 50 ny "pensionnés" vaovao ao Fianarantsoa isam-bolana.

Rehefa mahafeno ny taratasy rehetra ny zokiolona vao mivoaka amin'ny vavahady iray hafa ka miroso ao amin'ny toerana fandraisam-bola. Misy mpiasan'ny Trésor ao manoro lalana azy ireo sy manamarina ny taratasy mialoha ny handraisam-bola. Malalaka sy tsy misy fifanosehana ny eo amin'ny "caisse" satria efa voaelanelana eo amin'ny iray minitra hatrany ny fandraisana ny mpanjifa tsirairay. Arak'izany tsy misy intsony ny herisetra sy ny fanendahana ary ny harom-paosy mihatra amin'ireo zokiolona ary anjakan' ny fandriampahalemana

Raha ny nambaran'ny zokiolona iray tafaresaka taminay mandritra ny fandalovanay tany an-toerana dia afa-pahasahiranana izy taorian'ny nametrahana ny fandaminana vaovao. Marina, hoy izy, fa tsy maintsy misy ny filaharana izay tsy azo ialàna noho ny hamaroan'ny mpanjifa, saingy vetivety ihany dia mahazo vola izy. Nanamafy koa ny iray hafa fa tsy misy intsony ny fisolokiana sy ny kolikoly ary ny "mahitahita". Tsapa fa mety amin'ny rehetra ny fandaminana napetraka.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY Niaina RAFANOMEZANTSOA



draikitra, Atoa BRILLANT-HONORÉ Maurice Rabarison.

Mandritra ny andro voalohan'ny fizarana dia sokajiana toy izao ireo zokiolona : ny miaramila, ny zanda-

fizarana ny taratasy fanamarinanjo. Ka voarindra arak'izany fa efa amin'ireo no mizara ny "jeton", efa hafa miandraikitra ny filaminan'ny filaharana, enina mampanao sonia

## AKON'NY FITSIDIHAM-PARITRA

## P.P. Ikalamavony: Mandroso ny asa fanitarana ny trano

**M**androso ny asa fanamboarana ny Perception Principale ao Ikalamavony. Nanomboka tamin'ny 20 Septambra lasa teo ny fanitarana ny trano. Efa miakatra amin'ny rihana voalohany izany amin'izao fotoana izao. Nisy ny olana satria nandalovan'ny tariby mpitondra herinaratry ny JIRAMA ny trano.

Tsy maintsy natao ny fifampiraharahana amin'ny JIRAMA. Misy ihany koa ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina Ikalamavony mba hamatsiana rano ny Perception Principale,

Manana olana amin'ny fitaterana ny volam-panjakana ny Perception Principale Ikalamavony satria ratsy dia ratsy tokoa ny lalana

any amin'ny faritra iny. Teo aloha dia voatery mandoa vola am-pasosy Atoa RAFANOMEZANTSOA Rindramampionona, Percepteur Principal. Araka ny fanambarandramatoa RAZAFIMAHAY Razanamisa Jeannine, Perceptrice Principale dia tsy maintsy mandoa vola ihany koa izy amin'ny fitaterana ny vola. Voaporofa amin'ireto Per-

ceptions Principales ireto fa tsy rendrarendra ny fividianana fiara hampiasaina amin'ny asa. Tsy ny ao Ikalamavony sy Ambohimahaso ihany no misedra izao olana izao fa saika ny Perceptions Principales rehetra manerana an'i Madagasikara.

▲ Rivolala RANDRIANARIFIDY



Fametrahana ny vatofehizoro



PP Ikalamavony an-dalam-panamboarana

## Tontolon'ny asa: Ambiansy be ny ao amin'ny TG Toliara

**A**mbiansy aminay aty: tsy maintsy mafana. Toliara 'zao tsy zakano'. Ity tononkira ity no azo hamehezana ny fifandraisan'ny mpiasa ao amin'ny Trésorerie Générale (TG) Toliara amin'izao fotoana izao. Mifanohana, miray hina be amin'ny lafiny rehetra ry zareo araka ny teny filamatry ny mpiasa manao hoe : "Fia raiky lo, fia iray laka lo" sy "Iray asa. Iray vatsy. Iray aina". Vokany, manga ny fifandraisana, mirindra tsara ny asa sy ny fitantanana ny volam-bahoaka.

Efa an-taonany maro no nivondrona anaty fikambanana (APT) ry zareo. Isaky ny misy mpiasa vaovao dia raisiny am-pifaliana, am-pit-sikitsikiana ary amin'ny alalan'ny fiaraha-misotro sy mifety kely izany mba hitiavany ny toerana sy ny mpiara-miasa aminy. Manaoatra noho izany dia hanaovana fety, hankasitrahana amin'ny alalan'ny teny mamy sy tso-drano ary fanomezana ireo mpiasa nahavita be

ka handeha hisotro ronono sy ireo handeha hiasa amin'ny toera-kafa.

Isaky ny faran'ny taona indray dia mamono omby iray ny mpiasa hiarra-mifaly amim-bady aman-janaka. Tolorana kilalao ny ankizy latsaky ny 11 taona.

Tsy amin-kafaliana ihany no hisehoan'ny fifanohanana fa na amin-karatsiana koa, toy ny fahafatesan'ny ray aman-dreny...

Manoloana ireo olana sy tsy fitovian-kevitra eo am-panatanterahana ny asa dia mandravina izany hatrany amin'ny alalan'ny fivoriana ny Trésorier Général. Tanjona ny hanatsarana hatrany ny fitantanana ny volam-bahoaka sy hanamafisana ny fifandraisana ary ny firaisankina izay mampiavaka ny mpiasa ao amin'ity Trésorerie Générale ity.

Toy ny fanao isan-taona dia tontosa ny 29 Oktobra teo ny alim-pan-dihizana lehibe nokarakarain'ny



Ireo mpiasa sy Percepteurs Principaux ao Toliary mampiara-peo

mpiasan'ny TG ao Toliara. Mbola nasehon'ny mpikambana tsirairay tamin'io fotoana io ihany koa ny firaisankina sy ny fahaizan'izy ireo miara-mifaly tamin'ireo vahiny na-

saina sy olo-mana-kaja manodidina ny 500, tonga namaly ny antso.

Mendrika halain-tahaka ny toy izao!

▲ Voasary

**AKON'NY FITSIDIHAM-PARITRA**

# Fiaraha-miasa amin'ny Faritra Ihorombe

## Azo ny fahazoan-dalana hamefena ny Trésorerie Générale ao Ihosy

**F**ahazoana alalana ny hamefena tamboho ny biraon'ny Trésorerie Générale ao Ihosy. Io no zava-dehibe nivoitra nandritra ny fihaonan'ireo tompon'andraikitra avy amin'ny Tahirim-bolam-panjakana notarihan'ny Tale jeneraliny, ny Trésorier Général any an-toerana, Randriamihajirinina Daniel, tamin'ny Lehiben'ny Faritra Ihorombe, Rakotoarimavo Louis Joseph, ny tapaky ny volana Oktobra teo. Miandry ny fahavitan'ny antotan-taratasy sisa dia afaka miroso amin'ny dingana manaraka. Hanomboka tsy ho ela ny asa ary

ho vitaina ao anatin'ny fotoana fohy satria efa nanome tokony ny hanampy ara-bola amin'ity asa ity ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana. Tafiditra ao anatin'ny politika himasoany, ho fanamafisana ny fiarovana ny volambahoaka, izao ezaka izao.

Azo sokajiana ao anatin'ireo misy fanavaozana matetika ny Trésorerie Générale ao Ihosy. Nampiana rihana ambony sy efitra iray izy ny taona 2008, voaloko matetika ny aty sy ivelan'ny trano. Na izany aza dia mbola mitambatra amin'ny biraon'ny Faritra Ihorombe sy ny



Ny biraon'ny Trésorerie Générale ao Ihosy



Ny lehiben'ny Faritr'Ihorombe (an-kavanana) nandray ny gazety « Tahiry N°00 »

an'ny SREB (Minisiteran'ny Teti-bola sy Fitantanam-bola) ny tokontaniny. Olona maro no mifamezivezy amin'ireo toerana eo ka izany no tsy maintsy nandraisana haingana izao fepetra izao.

Araka ny mahazatra dia nitafa nandritra ny ora maromaro tamin'ny delegasiona avy amin'ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana ireo mpiasa tsy an-kanavaka tany an-toerana, tsy nifarana izany raha tsy misasak'alina. Tsy vitsy tamin'ny fangatahan'ny mpiasa no nahazo valiny mahafa-po teo noho eo. Ohatra ny fanampiana

ara-bola ho fanamafisana ny hidintranon'ny Trésorerie Générale ao Ihosy sy any amin'ny Percepteurs Principals sasatsasany miankina aminy. Nisy kosa ireo tsy maintsy nampiangasana amin'ny fotoana maha-mety azy.

Nandritra ity fitsidihana ara-pomba fifanajana ity no nanazavazavana fohifohy ny vontootiny sy nanoloran'ny Tale jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana ny "Tahiry" laharana voalohany, tamin'ny Lehiben'ny Faritr'Ihorombe.

▲ Yves RAKOTO

## Hafa kely: Renault 19 mahazaka olona miisa 18

**H**afa kely indray ity fiara Renault 19 (berline) iray, mpitatitra olona an-tapa-dalana mampitohy an'ilakaka sy Sakaraha ity . Olona miisa 18 (olon-dehibe miaraka amin'ny zaza madinika) no indray entiny miaraka amin'ny entana marobe. Olona dimy eo anoloana, (ramatoa iray misisika eo an-kavian'ny mpamily); olona folo eo afovoany (olon-dehibe miisa efatra miaraka amin'ny ankizy enina) ; ramatoa ihay hafa mampinono zaza sy rangahy iray ary zaza madinika iray no nitorevaka tao amin'ny fitoeran'entana afara. Ireo no sendra anay raha iny nijanona hanala

mpandeha teo anoloan'ny tobindasantsy eo Sakaraha ny mpamily. Gaga ihany ny tena satria ilay ramatoa teo an-kavian'ny indray no nivoaka voalohany, vao nanaraka Ingahy mpamily.

Efa mila hipaika amin'ny tany mihitsy ity fiara ity kanefa noho ny fitadiavana dia tsy afa manaoatra. Na izany aza dia tsy azo atao tran'ny polisy mihitsy ary ny vola hikojojokana ny fiara no atao mimi-misy, hoy Ingahy mpamily. Noma-rihany fa mbola mahazaka olona miisa 15 ity fiarany ity raha toa ka ny olon-dehibe no betsaka.

▲ Yves RAKOTO



Ilay R19 sy ampahan'ireo mpandeha taminy

## VAHININTSIKA

## Razay James RENAUD

## PP ao lakora : Mitaingin-dakana iray andro isaky ny maka vola



**A**nisan'ireo miatrika ady mafy eo am-panatantehana ny asany ny Percepteur Principal ao lakaro (miala 136 km avy eo Ihosy), Faritra Ihorombe. Voahodidina rano, lasa Nosy kely ka tsy tongan'ny fiara mihitsy ity tanàna ity isaky ny fotoam-pahavaratra (manodidina ny volana Desambra hatramin'ny faraparan'ny volana Martsa). Vokany, tsy mana-tsafidy afa-tsy roa ireto tompon'andraikitra ireto isaky ny handeha haka vola any Ihosy (manao «approvisionnement de caisse») handoavana ny karaman'ny mpiasam-panjakana sy ireo mpandray fisotroan-dronono. Na entina amin'ny lakana mandritra ny andro iray ny vola an-tapitrisa na entina an-tongotra mamakivaky tendrombohitra sy lohasaha. Toy izao ny fitantaran'ny Percepteur Principal amperin'asa any an-toerana, Razay James Renaud, ireo olana sy tebiteby sedrainy, ny stratejika tsy maintsy raisina entina hiarovana ny volam-bahoaka, nandritra ny

tafa nifanaovan'ny gazety Tahiry taminy.

**GT :** - Ahoana ny fomba fitondrana vola be amin'ny lakana ?

**RJR :** - Miala eo lakora hatrany amin'ny Kaominina ambanivohitry Ranotsara Nord (sahabo 50 km) no tsy maintsy handehanana lakana. Tsy azo antoka ny mitondra volabe mandeha an-tongotra mandritra ny iray andro be izao eny fa na dia misy mpitandro ny filaminana hatrany aza manaraka ny tena. Ny fandehanana lakana ihany no anisan'ny vahaolana mety. Raha lakana vohizin-tanàna no hita dia ny ampitson'ny nandraisana izany vao tonga any Ranotsara Nord. Raha sendra mahita lakana misy motera indray dia mbola ora valo eo ho eo no hanalana io halavirana io. Mazamazana ihany ny dia hany ka tsy afaka mihitsy ny tebiteby raha tsy tafaverina eo an-tanàna ny tena.

**GT :** - Manao ahoana kosa mandritra ny main-tany ?

**RJR :** - Moramora ihany ny asa amin'io vanim-potoana io satria azo handehanana fiara tsara eo lakora hatrany Ihosy. Ny fitadiavana fiara indray no mametraka olana kely satria voatery mifampiraharaha mandritra ny fotoana maharitra mihitsy ny tena vao afaka mandeha amin'ny fiaran'ireo sampandraharam-panjakana hafa aty an-toerana. Io no mbola hangata-

hana fiaraha-misalahy bebe kokoa amin'ireo tompon'andraikitra voakasik'izany.

Azon'ny fiara hivesivezena tsara eo lakora hatrany Ranotsara Nord mandritra ny main-tany. Somary ratsiratsy io ampahan-dalana io ka ora dimy eo ho eo no hanalan'ny fiara tsy mataho-dalana ny 50 km raha toa ka tsy mijanona mihitsy ny mpamily. "Mazamazana ihany ny adidy miandry ny tena eo amin'ny fitantanana sy fiarovana ny volam-bahoaka indrindra aty amin'ny toerana saro-dalana aty. Na izany aza dia tsy maintsy hefaina an-tsakany sy an-davany hatrany ny asa rehefa nekena", hoy, Razay James Renaud.

Marihina fa ireo mpiasam-panjakana sy zokiolona ao lakora, Ranotsara Nord ary Begogo (miala 90 km) no mpaka vola ao amin'ity Perception Principale ity. Ny avy

any amin'ireto farany aza moa dia mandeha dia an-tongotra roa andro vao tonga ao amin'ny Perception Principale lakora. Maro amin'ireo Percepteurs Principaux miisa 91 miparitaka manerana ny Nosy no miatrika olana maro eo am-panatanterahana ny asany. Hasesintsika havoaka amin'ny Tahiry laharana manaraka izy ireo.

**Volam-bahoaka no taterin'ny Percepteur Principal. Noho izany dia tokony ho matotra sy hamafisina hatrany ny fiaraha-miasa sy fifanomezan-tanana amin'ireo tompon'andraiki-panjakana eny an-toerana.**

▲ Nangonin'i Yves RAKOTO



Ny tananan'i lakora

## SOSIALY

## Ireo nandeha nisotro ronono

**Mpiasa 4 teto amin'ny Tahirim-bolam-panjakana no nandeha nisotro ronono tamin'ny volana septambra-octobra 2010**

RASOLONJATOVO Gilbert, Employé de Service tao amin'ny PP Arivonimamo ; TIDAHY Jean Claude, Réalisateur tao amin'ny TG Antsohihy ; RAZAFIMAZAVA Philémon, Contrôleur du Trésor, niasa tao amin'ny P.G.A ary RAMANOARAY Helson Lalao, Contrôleur du Trésor, niasa tao amin'ny DRSPF no nandeha nisotro ronono ny volana Septambra hatramin'ny Oktobra 2010 lasa teo.

Ny Foibem-pitondran'ny Tahirim-bolam-panjakana dia mankasitraka sy misaotra ary mitso-drano azy ireo noho ny zava-bitany.



## INTERNATIONAL

# DETTE PUBLIQUE : Situation des relations avec les bailleurs de fonds en cette période de crise

Comme nous le savons déjà, en décembre 2008, le FMI a décidé de suspendre la revue de son Programme FRPC (Facilité pour la Réduction de la Pauvreté et pour la Croissance) avec Madagascar, pour des raisons qui ne sont plus à évoquer. Or, l'existence d'un programme actif avec cette Institution est une des conditions de décaissement des aides budgétaires. Ce qui a amené les bailleurs du Cadre de Partenariat de l'Aide budgétaire, à savoir la Banque mondiale, l'Union Européenne, la Banque Africaine de Développement, la France et l'Allemagne à suspendre également les décaissements de leurs appuis budgétaires.

Concernant particulièrement la Banque mondiale, suite à la situation politique qui prévaut à Madagascar depuis mars 2009, les projets financés par cette Institution ont connu une suspension

des paiements. Cependant, depuis juillet 2009, la Banque a donné son agrément pour la reprise de certains projets présentant un caractère social, et ce à titre exceptionnel. Il s'agit du : (i) Projet d'urgence de sécurité alimentaire et de reconstruction (Food Security) (ii) Projet des Pôles Intégrés de Croissance (PIC) (quelques composantes) (iii) Deuxième Projet de Nutrition communautaire SEECALINE II (iv) Second Projet Multisectoriel pour la prévention du VIH SIDA / IST (PMPS 2) (v) Projet d'Appui au Programme Environnemental (PE3)

En outre, la Banque mondiale a reporté les dates de clôture de certains projets suspendus en juin 2010. Ce report des dates de clôture est destiné exclusivement au règlement des arriérés enregistrés au titre des activités déjà terminées dans le cadre des contrats signés avant le 17 mars 2009.

Ainsi, les décaissements des seize projets en cours, entre autres le Projet de Transport en milieu rural (APL2), le Projet Infrastructure de Transport (APL3), le Projet de Soutien au Développement Rural (PSDR) et le Projet d'Appui aux Services Financiers (PASEF), ont repris.

Quant à la signature de nouveaux accords, en 2009, quatre Accords de prêts ont été conclus avec la Banque mondiale (le Projet d'Urgence de Sécurité Alimentaire et de Reconstruction), la BAD (le Projet de Réhabilitation du Périmètre du Bas Mangoky - financement additionnel, en attente de ratification par la partie malgache depuis novembre 2009), le Fonds Koweïtien et l'OFID (le projet de Réhabilitation de la RN6 Bekoratsaka - Boriziny (co-financement).

Pour l'Agence Française de Développement (l'AFD), en 2010, deux nouvelles Conventions de financement ont été également signées :

Projet d'Appui Conjoint au Secteur Santé et Projet de Sécurisation de la Décharge des déchets d'Andranitra.

En octobre dernier, la Direction de la Dette Publique a reçu une délégation de l'Exim Bank de Chine, dirigée par son Représentant en Afrique du Sud, en vue de discuter de la coopération entre les deux parties. La délégation est venue à Antananarivo pour constater de visu la réalisation du Projet Hôtel 5 étoiles de Madagascar à Ivato.

En résumé, malgré la crise socio-politique, pour la majorité des bailleurs, les décaissements sur les projets précédemment signés continuent. Et on espère pour bientôt la fin de la crise qui permettra la reprise des activités des anciens projets et le financement des nouveaux projets.

▲ Clémence RAHARISOA

## KITRA ASOIMI : Nihintsana teo amin'ny manasa-dalana ny ekipan'ny Trésor

A raka ny efa fantatsika dia nandray anjara tamin'ny Championnat National 2010 tany Ambalavao Tsiemparihy ny 23 Oktobra ka hatramin'ny 03 Novambra lasa teo ny mpilalao baolina kitran'ny Trésor. Raha ny vokatra no lazaina dia resy teo amin'ny antsasa-dalana indray ny ekipantsika raha nihaona tamin'ny US Douanes Toamasina. Penalty teo amin'ny minitra faha 6 tamin'ny fidirana voalohany no azon'ny Douanes ary maty soa aman-tsara izany penalty izany.

Io isa 1-0 io no nisarahan'ny roa tonta ka nampihintsana ny Trésor Football.

Tsy atao mahakivy anefa izany satria dia mbola norombahin'ny mpilalaoan'ny Trésor indray tamin'ity taona 2010 ity ny amboaran'ny mpampiditra baolina be indrindra teo anivon'ny ASOIMI, ka i RAMAMONJISOA Ramarolahy Robena (mpiasa ao amin'ny PGA) no nibata ny amboara tamin'izany.

▲ Herivelo ANDRIAMANGA



Ny ekipan'ny Trésor

## Ny nodimandry

**RATSIMBAZAFY Paul de la Croix**, Agent Détaché-Responsable du Virement tao amin'ny Trésorerie Générale Fianarantsoa dia nodimandry tamin'ny alarobia 28 septambra 2010, teo amin'ny faha-56 taonany.

Mankasitraka sy mahatsiaro azy noho ny zava-bitany ny Foibem-pitondrana sy ny mpiara-miasa rehetra eto anivon'ny Tahirim-bolampanjakana, sady mankahery sy manohana hatrany ny fianakaviany sy ireo namana ao amin'ny TG Fianarantsoa.

EVENEMENT

# Microfinance : Lancement officiel de la base de données

Dans le cadre de la mise en œuvre de la Stratégie Nationale de MicroFinance (SNMF), la Coordination Nationale de la MicroFinance (CNMF), avec la contribution de tous les acteurs et intervenants du secteur, vient de mettre en place « La Base de Données du secteur de la MicroFinance à Madagascar ». Cette base de données sert d'outil de pilotage pour la CNMF en tant qu'organisme de tutelle d'une part, mais elle permet aussi aux acteurs et intervenants d'orienter leurs interventions pour atteindre les objectifs fixés par la

SNMF. La base de données est accessible à partir du site officiel de la microfinance à Madagascar :

[www.madamicrofinance.mg](http://www.madamicrofinance.mg)

Deux types d'accès sont disponibles : accès public et accès membres. Un Comité Technique de Rédaction a été mis en place pour définir les types d'informations à publier et les modalités d'accès des membres.

Une série de formation/sensibilisation est programmée dans six Régions pilotes à savoir Analamanga, Vakinankaratra, Haute Matsiatra,

Atsimo Andrefana, Boeny et Atsinanana. Cette campagne de formation/sensibilisation est prévue se dérouler jusqu'à la fin de l'année 2010.

La cérémonie de lancement officiel de cette base de données s'est déroulée à La Résidence Ankerana Antananarivo le mercredi 20 octobre 2010 en présence de Monsieur ROBIMANANA Rivomanantsoa Orlando, Directeur Général du Trésor. Cette cérémonie a vu la participation de l'Association Professionnelle des Institutions de MicroFinance (APIMF). Ont honoré



de leur présence une centaine d'invités issus de différents secteurs socio-économiques à Madagascar.

▲ Solofa Rakotomavo

## ALAVOLY Kilalaon-tsaina



### Sudoku (valiny)

N° 00

6	4	1	9	5	8	2	7	3
8	7	5	6	2	3	4	1	9
9	3	2	1	4	7	5	6	8
3	5	7	2	6	1	9	8	4
4	6	9	8	3	5	1	2	7
1	2	8	4	7	9	3	5	6
2	9	4	5	8	6	7	3	1
5	8	3	7	1	4	6	9	2
7	1	6	3	9	2	8	4	5

N° 01

5	1	4	6	2	3	8	7	9
3	7	8	9	4	1	6	2	5
6	2	9	8	5	7	3	1	4
2	5	3	1	9	4	7	8	6
9	4	7	2	8	6	1	5	3
1	8	6	3	7	5	4	9	2
7	6	5	4	1	9	2	3	8
8	3	1	5	6	2	9	4	7
4	9	2	7	3	8	5	6	1

### ANKAMANTATRA

Iza ilay olona nahafaty ny ampaha-efatry ny mponina teto an-tany ?

Valiny : Kaina

### Fitsipika

N° 02

Fenoy amin'ny tarehimarika 1 hatramin'ny 9 ny banga isaky ny efitrefitra miisa sivy.

Tsy azo averina indroa ny tarehimarika ao anaty efitrefitra iray, ny tarehimarika mitsivalana sy ny litera mitsangana.

Ny valin'y Sudoku N°02 dia hitantsikka amin'ny Tahiry laharana faharoa.

Mazotoa ary e !

		3	1	9	2	6		
	1	9		3		8	7	
6								1
	3			6			1	
	6		4		9		5	
	9			7			6	
1								9
	4	8		1		5	3	
		6	9	8	4	1		

▲ Nangonin'i Yves RAKOTO

### TSIKY KELY !

Mialohan'ny hanovana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta dia nitsapa ny fahaizan'ny kandida roalahy ny Filoham-pirenena. Novelabelarin'ny tamin'ilay voalohany ny andraikitr'izany atao hoe Minisitra. Rehefa izany dia naka toky ary nanontany izy hoe : "Tu pourras ou tu pourras pas ?". « Je pourra », hoy ny valin-teny azony. Sady nihomehy ny Filoham-pirenena no nasainy nivoaka io kandida io. Hoy izy tamin'ilay faharoa hoe : "tsy mba ho lasa Minisitra mihitsy iny Rangahy iray iny fa na dia ny mi-conjuger verbe pourrir aza tsy hainy akory !"



### TAHIRY

Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

Directeur de Publication  
Orlando ROBIMANANA

Rédacteur en Chef  
Tiana RAJAONARIVONY RAMANOEL

Comité de Rédaction  
Jean Noël RANAIVOSON  
Haingotiana RAJEMISA  
Mbolatiana RAMAMONJISOA  
Hanitra RANDRIANIRINA  
Naomi RAVONIRINA  
Zoely RAKOTONINDRAINY  
Rivolala RANDRIANARIFIDY  
Yves RAKOTO  
Damascène RABEHOAVY  
Landy ANDRIAMIALIZAFY  
Tojo Hasina RAKOTOSALAMA

Adresse  
Porte 311, Ministère des Finances et du Budget  
Antaninarenina, 101 Antananarivo  
e-mail : tresor@moov.mg  
Tél. : 22 276 14

Imprimé en 1 400 exemplaires